*Conférence des Évêques de Madagascar*

**SECRETARIAT DE COORDINATION**

**102 bis rue Cardinal Jérôme Rakotomalala**
**BP. 667**
**Antanimena Antananarivo – 101**

**Prot./CEM/SeCo-040/2026**

**"HOMEKO HOAVY SY FANANTENANA IANAREO"**
**(Jer 29, 11)**

**HAFATRY NY FIVONDRONAMBEN'NY EVEKAN'I MADAGASIKARA**

**Ho an'ny mpitondra sy ny vahoaka,**
**ny kristianina sy ny olona tsara sitrapo rehetra,**

**Ho aminareo anie ny fiadanana !**

01. Ato anatin'ny vanim-potoanan'ny Paka isika no mifampiarahaba amin'ny alalan'io tenin'i Jesoa tafatsangan-ko velona io. Miarahaba anareo izahay Evekan'i Madagasikara izay mivory eto Antananarivo ka mampita izao hafatra izao izay mifanampy amin'ireo hafatra sy fanambarana samihafa[1]. Tsaroana ny fanazavan'ny Papa Léon faha-14 hoe: sady fiarahabana sy firarian-tsoa ilay nataon'i Jesoa tamin'ny mpianany no efa tanteraka sahady amin'ny fotoana ilazany azy, satria Izy Jesoa manala ny ahiahin'ny mpianany mihitsy no fiadanan'Andriamanitra[2]. Herintaona izay no nananantsika an'ity Papan'ny fiadanana ity (8 mey 2025 – 8 mey 2026). Iombonantsika aminy sy entintsika am-bavaka ny ady mafy atrehiny ankehitriny ho an'izany fiadanana izany, manoloana ireo ady izay mampijaly firenena maro. Eto amintsika dia mampisaotra an'Andriamanitra ny jobily volafotsy (25 taona) naha-Eveka an-dry Monseigneur Kardinaly Désiré Tsarahazana, Vincent Rakotozafy, Gaetano Di Pierro, Zygmunt Robaszkiewicz, José Alfredo Caires de Nobrega. Eo koa ny faha-25 taonan'ny diosezin'i Fenoarivo atsinanana sy 20 taonan'i Moramanga. Nanamaloka ny tantarantsika kosa ny fahapotehana nahazo ny tanànan'i Toamasina sy ny manodidina, vokatry ny rivodoza Gezani. Mahavelom-panantenana sy mampisaotra an'Andriamanitra sady ifanolorantsika fisaorana ny fanehoantsika firaisan-kina nanao "voin-kava-mahatratra", araka ny fahendren-drazana sy ny fampianaran'ny Evanjely. Mankahery sy mitondra am-bavaka hatrany an'ireo tra-boina namoy havana sy fananana ary asa.

### FANANTENANA SY TEBITEBY

02. Eo amin'ny fiainam-pirenena indray dia tsapa fa miaina ao anaty fanantenana sy tebiteby

---

[1] FFKM,

[2] LÉON XIV, Hafatra ho an'ny andro maneran-tanin'ny fiadanana 2026

ny vahoaka malagasy amin'izao kihon-dalana lalovany izao. Akory tokoa moa ny hafaliana sy tsirim-panantenan'ny vahoaka raha nijoro ity fitondrana ity sy ny fanavaozana nodradradradraina. Nisy tokoa ireo namelona ny fanantenana, toy ny fanandratana avo ny fiandrianam-pirenena, ny fihenan'ny fahatapahan-jiro sy rano (indrindra tamin'ny governemanta voalohany), ny fitohizan'ny fanamboaran-dalana, ny fijerena akaiky ny mpiasam-bahoaka, ny fampianarana …

03. Tsy azo odian-tsy hita koa anefa ireo zava-misy na fomba fiasa teo aloha izay mbola mahazo vahana na miha-mahery vaika, ka miteraka tebiteby ho an'ny vahoaka. Singanina amin'izany ny vidim-piainana mampiteny ny moana, ny fahasahiranan'ny tantsaha amin'ny famoaham-bokatra, ny tsy fandriampahalemana, ny kolikoly, ny ady seza sy ny kiantranoantrano, ny fanehoan-kevitra miharo fanalam-baraka sy fampisaraham-bazana ary fampihorohoroana (indrindra amin'ny tambajotran-tserasera), ny fitakiana lava miharo fandrangarangana fitokonana, ny fanindrahindrana be loatra ny mpitondra, ny fampanginana na fisamborana an'ireo tsy mitovy hevitra amin'ny mpitondra, ny ady tany, ny famotehana ny tontolo iainana, ny tsy fitovian'ny fiahiana ny faritra samihafa eto Madagasikara. Tsapa ihany koa ny fanendrena olona efa naloan'ny vahoaka, ny fahatongavan'ireo vahiny maro izay mampiahiahy. Tsy dia hita taratra loatra hoe avy amin'ny vahoaka sy ho an'ny vahoaka ny fitondrana. Toa mijanona ho nofinofy ihany ilay fanavaozana notabatabaina teny an-kianja sy tao an-dapa.

### FIHAVAOZANA SY FANAVAOZANA MANKAIZA?

04. Izany no fanontaniana sy fandinihan-tena mameno ny sain'ny maro ankehitriny. Tsy misy drafitra politika mazava sy voafaritra tsara manko ny fitantanana ny fanavaozana, afa-tsy ny fe-potoana roa taona sy ny hisian'ny fikaonan-doham-pirenena. Mazava ho azy fa tsy voafaritra ary voadingana aza indraindray izay tena laharam-pahamehana ho an'ny firenena, indrindra ho an'ny vahoaka madinika. Fihavaozana miainga amin'ny tsirairay sy hatrany ifotony no tsy maintsy apetraka: toe-tsaina, fifandraisana, fomba fiasa, fandraisana andraikitra; ary fihavaozana mahasahana ny lafiny rehetra ihany koa. Aoka samy hahatsapa fa mila ny hafa sady ilain'ny hafa, araka ny nampianarin'ny Papa Fransoà ny tanora malagasy tamin'ny fihaonana tao Soamandrakizay tamin'ny 7 septambra 2019: "Tsy misy olona afaka milaza hoe tsy mila anao aho". Tsy maintsy ampandeferina ny hambom-po tafahoatra sy ny fiavonavonana ary ny fitompoana teny fantatra. Antsika rehetra i Madagasikara fa tsy an'olom-bitsy na vondrona na sokajy manokana. Samy manana ny tandrify azy eo amin'ny fampivoarana azy, ary natao hifameno amin'ny an'ny hafa izany. Tsy misy afaka miala na mihalangalana.

05. Izany fihavaozana izany no antoka hampisy ny fanavaozana, ka tsy ho nofinofy intsony. Ankoatry ny fahatsapan-tenan'ny tsirairay sy ny faritra dia manana adidy hampanjary izany fanavaozana izany ny mpitondra sy ny tompon'andraikitra rehetra. Izy ireo aza no tsy maintsy miroso mialoha amin'ny fihavaozana. Aoka havadika ho harena sy tombony ny fahasamihafana fa tsy sanatria hivaona amin'ny fifampiandaniana sy fifanilikilihana. Mila fahasahiana izany sady mila fahaizana mifehy ny tena sy ny teny atao, mitana ny teny natao rahateo, ary milaza ny marina hatrany. Aoka samy hahay maka lesona amin'izay nolalovan'ny firenena na ny mpitondra na ny vahoaka, mba tsy ho mpamerina an'izay efa fantatra fa nampitondra faisana ny firenena, indrindra ny madinika.

**FIKAONAN-DOHAM-PIRENENA : FIOMBONANA SY FANANTENANA**

06. Ny fikaonan-doham-pirenena no efa napetraka hatramin'ny voalohany ho lalana iarahana mametraka ny fanavaozana izay andrandrain'ny rehetra. Fikaonan-doha mazava sy mahomby no ilaina. Tsy maintsy hazava sy hohajaina ary hananana fitokisana izay mitarika azy. Anjaran'izy ireo ny manao izay hahafahan'ny maro an'isa indrindra handray anjara sy hahatsapa ny halehiben'ny anjara biriky entin'ny tsirairay sy ny isam-paritra, hatrany ifotony. Tsy maintsy hazava koa ny tanjona tratrarina sy ny fomba fiasa. Olona mahasolo tena ny maro sy mahalala ny tombontsoan'izy ireo no hantsoina. Fifampihainoana sy fifampiresahana ao anatin'ny fifanajana, ny marina, ny rariny sy ny hitsiny ary ny fitiavan-tanindrazana tena izy no lalana mazava ho an'ny fanavaozana. Natao homena sehatra bebe kokoa hatrany ny fanehoan-kevitra mirindra sy feno fifanajana.

07. Ny fahatsapana ho Malagasy – vahoaka sy firenena iray tsy mivaky – no hibaiko ireo mandray anjara mivantana na ankolaka amin'ny fikaonan-doham-pirenena. Ny vahoaka malagasy mihitsy no natao ho vonton'izany fisainana izany, tarihin'ny oha-piainan'ireo mitondra sy te-hitondra azy. Hampandeferina ny hambom-po politika sy ny tombontsoa manokan'ny faritra na vondrona na antoko mba hahatongavana amin'izany. Tsy ilaina ny fanasohasoana na fanaratsiana bontolo ny endri-pitantanana tiana hapetraka sy ireo mpomba na mpanohitra azy. Hiafara amin'ny fifanilihana sy fifampiandaniana ihany izany. Ny tanjona sy ny fomba fiasa mazava no hamaritra izany. Tsy tokony hisalasala handrava sy hanova an'izay hita fa tsy nahitana fahombiazana teo aloha; ary hitazona na hanamafy an'izay voaporofo fa mampivoatra an'i Madagasikara.

08. Fanantenana ho an'ny vahoaka malagasy sy lova maharitra ho an'ny taranaka no ho vokatry ny fikaonan-doha, mba tsy ho fandaniana andro sy vola foana izany. Ny fihavaozana sy ny fanavaozana no tsy maintsy ho hita taratra avy hatrany. Fehin-kevitra sy rafitra mampirisika ny olom-pirenena hahalala ny anjara toerany sy ny anjara asany mazava no havoakan'ny fiaraha-midiniky ny Malagasy. Tsy ho hadinony fa eo koa ny anjara toerana sy ny anjara asan'ny hafa, isan'ambaratongany. Fehin-kevitra sy rafitra tsy ahafahan'ny mpitondra sy ny mpanao politika mamerina ny hadisoana efa nataon'ny teo aloha koa no ilaina. Izany no hampatoky ny Malagasy fa afaka mivoatra i Madagasikara ary manana ny anjara birikiny amin'izany izy. Raha mazava sy mahaliana izay soritan'ny fikaonan-doha dia ho mora ho an'ny vahoaka tompon'ny fahefana ny hankato na hitsipika azy. Tsy misaraka amin'ny fikaonan-doham-pirenena rahateo ny fanomanana ny fifidianana. Voakasik'izany ny rafitra sy fitsipika ary ireo tompon'andraikitra hanomana sy hikarakara azy, mba ho voka-pifidianana eken'ny besinimaro no hivoaka. Tsy tokony hifangaro ny fikaonan-doham-pirenena sy ny tetika fandrombahana fahefana na sanatria ny fibodoana toerana.

**VAHOAKA MIARA-DIA**

09. Tsy hisy izay tsy haha-vahoaka tokana ny Malagasy. Tsy vahoaka mpifaninana na mifandrafy, na koa manaiky hatao an'izany. Efa hita tamin'ireo fitondrana mifandimby fa tsy nampivoatra antsika ny zavatra toy izany. Vahoaka miara-dia isika: miray hetaheta hivoatra, miara-miatrika sy miara-mizaka ny mafy. Ny fikaonan-doham-pirenena dia tokony hametraka antsika bebe kokoa ho vahoaka miara-mifoha, miara-mientana, miara-mandroso. Tsy afaka

hiandry fikaonan-doham-pirenena na hiandrandra zavatra goavana sy miavaka anefa isika vao hiditra amin'ny fihavaozana sy ny fanavaozana. Izay ataontsika isan'andro ankehitriny izao no miantoka izany: "Mahaiza miaina amim-piadanana sy samy manao tsara ny asany ary misitraka izay nisasarany", hoy i Md Paoly (1 Tes 4,11). Izao no fotoana hanehoana sy natao haha-saro-piaro amin'ny maha-vahoaka miara-dia antsika. Aza mandeha irery, aza miady irery, fa "ny olon-tokana tsy mba vahoaka".

10. **Ry vahoaka mpiray tanindrazana**, iankinan'ny fivoaran'i Madagasikara isika sy izay ataontsika isan'andro. Raiso an-tanana hatrany ny fiainantsika. Mijoroa amin'ny maha-vahoaka tokana, aza manary toky. Aza ampandeferina ny marina sy ny fihavanana.

**Ry mpitondra**, aoka tsy ho diso fanantenana aminareo ny vahoaka. Miandrandra mpitondra manana toetran'ny Raiamandreny, tsy manavakavaka, tsy mametraka elanelana be loatra aminy ary tsy manao azy ho "tompony mangataka ny atiny" izy. Aoka ianareo no ho resy lahatra voalohany amin'ny fihavaozana sy fanavaozana ary hanome oha-piainana amin'izany. Tandremo toy ny anakandriamaso ny fanapahan-kevitra raisinareo sao hamatotra ny firenena sy ny taranaka any aoriana.

**Isika mitonona ho mpino**, na mpitondra na vahoaka, indrindra ny kristianina, antoka iray lehibe amin'ny fivoaran'i Madagasikara ny finoana sy ny fiainantsika mifanaraka amin'izany. Halaviro ny fisalasalana sy ny fihalangalanana izay anisan'ny mampilentika ny firenentsika. Aoka ho lohalaharana hatrany amin'ny fiatrehana ireo hetsika lehibe hatao eto amin'ny firenena. Avadiho ho fihavaozana sy fanavaozana ny firenena ny fampianarana izay noraisintsika.

**Ry tanora**, aza variana amin'ny androany ihany, fa tsinjovy ny hoavy iombonantsika. Ianareo no fanantenana, ka iankinan-javatra be ny ataonareo ankehitriny. Fadio ny fifampiandaniana, ialao ny herisetra. Aoka ho tanora mpanorina fa tsy ho mpandrava. Aza manaiky horebirebena sy hoviraviraina, na hovidiam-bola. Matoky anareo izahay satria vahoaka tokana miara-dia isika.

Amarananay ny hafatra ireto andalana avy amin'ny lahatenin'i Monseigneur Tomasz Grysa solontenan'ny Papa eto amintsika ireto izay mampahatsiahy ny fanentanan'ny Papa Léon faha-14 tany Afrika "hisokajy ny kolikoly ho loza mitatao izay tsy maintsy sitranina amin'ny kolontsaina vaovaon'ny fahamarinana […] Rahefa ny tsy rariny no mandoto ny fo dia lasan'olom-bitsy ny sakafo tokony ho an'ny rehetra. Nentaniny manokana ny mpitondra mba tsy hamela ho maty momoka ny fanantenan'ny tanora ary hanao izay hahatonga ny firenena ho vinam-panantenana izay manantitrantitra fa ny fampandrosoana dia natao hahasahana ny lafim-piainana rehetra"[3]

11. Miombona amin'i Masina Maria Reny hatrany isika, indrindra amin'ity volana mey ity, manankina tsy tapaka an'i Madagasikara amin'ny Fo Masin'i Jesoa, miaraka amin'i Masindahy Josefa ary ireo Olomasina sy Olontsambatry ny tanindrazantsika. Efa miarahaba sy mirary fetin'ny Pantekoty feno fihavaozana sy fanavaozana avy amin'ny Fanahy Masina ho antsika rehetra izahay Eveka Raiamandreninareo.

---

[3] Discours à la fête du Pape à la Nonciature Apostolique Ivandry, le 7 mai 2026

Natao teto Antananarivo, ny 13 mey 2026
Fahatsiarovana ny fisehoan'i Masina Maria tao Fatima

S.E. Mgr Marie Fabien Samuelin RAHARILAMBONIAINA, Evekan'i Morondava, ***Filohan'ny Fivondronamben'ny Evekan'i Madagasikara***

S.E. Mgr Jean Pascal ANDRIANTSOAVINA, Evekan'Antsirabe, ***Filoha Lefitra***

S.E. Mgr Jean Claude RAKOTOARISOA, Evekan'i Miarinarivo, ***Sekretera Jeneraly***

S.E. Mgr Désiré Kardinaly TSARAHAZANA, Arsevekan'i Toamasina

S.E. Mgr Filgence RABEMAHAFALY, Arsevekan'i Fianarantsoa

S.E. Mgr Jean de Dieu RAOELISON, Arsevekan'Antananarivo

S.E. Mgr Benjamin Marc RAMAROSON, Arsevekan'Antsiranana

S.E. Mgr Nicolas RAKOTOJAONA, Arseveka Mpandimbin'i Fianarantsoa

S.E. Mgr Gustavo BOMBIN ESPINO, Arsevekean'i Toliary

S.E. Mgr Gabriel RANDRIANANTENAINA, Evekan'i Tsiroanomandidy

S.E. Mgr Georges Varkey PUTHIYAKULANGARA, Evekan'i Port-Bergé

S.E. Mgr Marcellin RANDRIAMAMONJY, Evekan'i Farafangana

S.E. Mgr Herivonjilalaina Orthasie Marcellin, Evekan'Ambatondrazaka

S.E. Mgr Marek Ochlak, Evekan'I Fenoarivo Antsinanana

S.E. Mgr Rosario VELLA, Evekan'i Moramanga

S.E. Mgr Jean Désiré RAZAFINIRINA, Evekan'i Morombe

S.E. Mgr Clément Herizo RAKOTOASIMBOLA, Evekan'i Maintirano,

S.E. Mgr Fidelis RAKOTONARIVO, Evekan'Ambositra

S.E. Mgr José Alfredo CAIRES DE NOBREGA, Evekan'i Mananjary,

S.E. Mgr Fulgence RAZAKARIVONY, Evekan'Ihosy

S.E. Mgr Zygmunt ROBASZKIEWICZ, Evekan'i Mahajanga

S.E. Mgr Donatien Francis RANDRIAMALALA, Evekan'Ambanja

S.E. Mgr Luc Olivier RAZAFITSIMIALONA, Evekan'i Tolagnaro

S.E. Mgr Mamy Modeste RANDRIANIFAHANANA, Eveka mpanampin'Antananarivo

S.E.. Mgr Vincent RAKOTOZAFY, Eveka misotro rononon'i Tolagnaro

S.E. Mgr Raymond RAZAKARIVONY, Eveka misotro rononon'i  Miarinarivo

S.E. Mgr Odon Marie Arsène RAZANAKOLONA, Arseveka misotro rononon'Antananarivo

S.E. Mgr Fulgence RABEONY, Arseveka misotro rononon'iToliary

S.E. Mgr Gaetano DI PIERRO, Eveka misotro rononon'i Farafangana

S.E. Mgr Michel MALO,  Arseveka misotro rononon'Antsiranana

S.E. Mgr Armand TOASY, Eveka misotro rononon'i Port-Bergé